Aretina mikiky ny firenena 3

**Mila olon-kendry sy manana traikefa ny fitsaboana azy**

Fitondrana Rajoelina 2

**Mitohy hatrany ny fanomezany môdely ratsy**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 25 aprily 2023 Laharana 1427 Vidiny : **600 Ar**


Fiafaran'ny volan'ny Ramadany 3

**Niarahaba ny mpino silamo tratry ny Eid ny filoha Ravalomanana**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Sambava, Antalaha. Na nisy ny antsojay sy ramatahora** 3

# Feno hipoka ny tao an-trano, maro ihany koa no tsy tafiditra tany ivelany







**Tsy fandriampahalemana mahazo vahana** 6

## Misy « couvre feu » ao Ambohimanambola Avaradrano



**Fivoriamben'ny Sahanala Vanille** 2

## Tokony ho 75.000 Ar ny kilao farany ambanin'ny lavanila maitso



**Printsy Andry Rodrigue** 3

**Tsy mampandroso ny tsy fanarahan-dalàna**

**Tranombarotra Baolai** 6

**Mitsinjo ny besinimaro hatrany**

**Daka kely**

Toa lisany indray no mitady ho latsaka pipi ry Boaikely a !

### SAMBAVA, ANTALAHA. NA NISY NY ANTSOJAY SY RAMATAHORA

# Feno hipoka ny tao an-trano, maro ihany koa ny tsy tafiditra tany ivelany

Mitsidika ny any amin'ny faritra Sava nanomboka ny sabotsy teo ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, sady filoha nasionalin'ny antoko Tiako I Madagasikara (TIM). Ny sabotsy sy alahady izy dia tany Sambava sy Antalaha, omaly alatsinainy kosa dia tany Vohemara. Na nisy ny antsojay saika nisakanan'ny mpitandro filaminana ny hetsiky ny TIM tao Sambava, tsy nanaiky lembenana ny filoha Ravalomanana sy ny mpiara-dia, ka dia raikitra tao amin'ny Cercle Chinois Sambava Centre ihany, ny kongresim-paritry ny antoko TIM tany amin'ny faritra Sava. Na teo ny sakantsakana nataon'ny mpitandro filaminana, vory lanona ny olona: feno hipoka ny tao an-trano, maro ihany koa ireo tsy tafiditra nihaino taty an-tokontany. Ankoatra ny fiatrehany ny kongresim-paritry ny antoko, nanentana hatrany ireo olona rehetra hiditra anaty lisi-pifidianana, hisoratra anarana ary hanampy azy ireo hanamarina izany, ho an' izay efa nahavita nisoratra anarana teny amin' ny Fokontany, i Dada. Tonga nijery ny biraon'ny fokontany Ambalamanasy Antanifotsy 1, tao an-drenivohitry ny faritra Sava ny filoha Marc Ravalomanana, toy izay efa nataony teny Ambohimpo sy Ambohimanarina, ny herinandro teo teto an-drenivohitra. Noanteriny nandritra ny lahateny nataony na tany Sambava, na tany Antalaha fa:"andro vitsivitsy sisa no isaina dia ho feno ny roapolo andro, ny teniko ho anao dia kihondalana lehibe izao fotoana izao: mandehana àry any amin ny fokontany misy anao. Jereo ny anaranao ary hamarino tsara raha ao anaty lisi-pifidianana. Apetraho ny fitarainana amin'izay diso rehetra, eny fa na dia kely aza. Raha tsy ao ny anaranao dia soraty avy hatrany ao amin'ny fokontany misy anao eo noho eo ihany, ento ny karapanondrom-pirenena. Aza adino, tsy manankery intsony ny lisi-pifidianana teo aloha rehetra. Afaka jerena ny rohim-pifandraisan'ny Ceni mifandraika amin'ny faritra, distrika, kaominina, fokontany misy anao. Fa nasiany resaka koa ny mahakasika ny olan'ny lavanila amin'izao fotoana, tokony ho laharampahamehana ny fijerena ny olan'ny tantsaha, fa tsy ny an'ny mpandraharaha mpanangona sy mpanondrana ity vokatra fanondrana ity ihany, hoy izy.



*Ny filoha Marc Ravalomanana, mitsidika ny any Sava.*

Tao Antalaha, vao nahita ny filoha Marc Ravalomanana dia tonga marobe ny olona na dia tampoka aza ny fahatongavany . Tsy mba nisy fizarana zavatra na artista, fa ny anay hoy ireo mpikatroka dia Dada ihany, izy no mahita ny vahaolana ho an'ny zanany dia ny Malagasy iray manontolo tsy misy resaka firazanana fa iray ihany.

***Isambilo***

Fivoriamben'ny Sahanala Vanille

# Tokony ho 75.000 Ar ny kilao farany ambanin'ny lavanila maitso

Nanatanteraka fivoriambe nandritra ny 3 andro, tany Ambanja faritra Diana ny herinandro lasa teo ny orinasa sosialy Sahanala Vanille eto Madagasikara. Ity orinasa ity dia an'ireo tantsaha mpamboly lavanila avy amin'ny faritra miisa 13 eto amin'ny Nosy, miara-miasa amina fikambanana miisa 94 ary mamelona fianakaviana 15.000. Ny orinasa Sahanala Madagasikara dia ahitana federasiona fikambanana tantsaha miisa 4 dia ny momba ny lavanila: Sahanala Vanille, ny momba ny jono, ny mahakasika ny fizahantany, ary ny amin'ny sehatry ny voa sy voamaina ary laron-tsakafo manitra samihafa, na noix et epices, ka ny Sahanala Vanille no nanatanteraka fivoriambe tany amin'ny faritra Sambirano izao. Tantsaha mpikambana miisa 400 teo avy amin'ny faritra iasan'ny orinasa sosialy Sahanala Vanille no tonga tany Ambanja ny herinandro teo. Ny fehin-kevitra nivoitra tamin'izany: Ramihatratiana Natahalie Victoria, solontenan'ny Faritra Atsimo Atsinanana sy Anôsy, avy amin'ny distrikan'i Farafangana – Kaominina Tangainono: « Mitazona ny vidiny farany ambany 75.000 Ar ny vidin'ny iray kilao maitso, ny ambonin'izay aza no tokony ho tanjona. Rasamison Rodin, solontenan'ny Faritra Analanjirofo sy Sofia, avy amin ny distrikan'i Mananara Nord - Commune Ambatoarananana : «tsy sehatra anaovana adilahy politika ny sehatra lavanila, fa tokony hipetraka mandrakariva ho sehatra fitsinjovana ny tantsaha sy ho fampandrosoana an'i Madagasikara». Razafimandimby Armand, solontenan'ny Faritra Vatovavy sy ny faritra Fitovinany, avy amin'ny distrikan'Ifanadiana- Commune Ifanadiana:"tokony hajaina ny lalàna sy ny fitsipika mifehy ny lavanila. Miangavy mba tsy hiovaova eny an-dalana ny fitsipika sy ny lalàna mifehy ny sehatra lavanila." Jean Paul Bemamy, solontenan'ny Faritra Sava sy Diana, avy amin'ny Distrikan'i Sambava - Commune Ambohimalaza:"mila marindrano sy milamina ny eto an-teorana mahakasika ny sehatra lavanila, mba tsy hampiroaroa saina ny mpanjifa any ivelany."

Andriamatoa Manato Eden kosa no nitondra ny fanambarana niombonan'ny rehetra tamin'izao fivoriambe izao: manoloana ny famahana ny olana momba ny seha-pihariana lavanila natao tao Sambava tamin'ny fahatongavan'ny Filohampirenena sy ny Praiminisitra farany teo, nahatsapa izahay tantsaha maro an'isa mpamboly lavanila, fa ray aman-drenin'ny vahoaka ny fanjakana. Ianareo mpanondrana, na mpikarakara na izahay tantsaha maroan'isa mamboly lavanio dia samy zanaky ny fanjakana avokoa. Noho izany, samy manan-jo hivelona amin'izay nisasarany avy isika rehetra. Matoa ny fanjakana hatramin'ny taon-dasa nandray ny fanapahan-kevitra ny vidiny farany ambany dia hita fa mbola mahazo tombony ihany ny mpanondrana. Ka eto dia tery omby ririnina , tsy hamono ny reniny, tsy hahafaty ny zanany. Nefa malahaelo izahay Presi-dent, fa misy eto amintsika mitady sy te hampihàtra ny "rariny matanjaka" momba io seha-pihariana io. Nidongy izy ireo, fa tsy mety mividy ny vokatray tantsaha amin'ny vidiny farany ambany noferan'ny fanjakana , hatramin'izao mikatso ny lavanila. Betsaka ny lavanila, an-taoniny maro tsy misy mpividy. Tsy midika ve izany fa afaka manohitra fanapahan-kevitra napetraky ny fanjakana izy ireo, satria tompon'ny vola, fa ianareo fanjakana tompon'ny volagna? Sao mitady ho resi-tosika ianareo fanjakana raha ny zava-misy amin'izao no tenenina. Tsotra ny teneninay tantsaha mpamboly lavanio, fa indrindra izahay tantsaha manana ny orinasanay Sahanala, izay anisan'ny voalohany amin'ny mpanondrana lavanila eto Madagasikara, manana mpikambana tsy latsaky ny 15.000, mivelatra amina faritra 13, mba tsy hilazana, fa mandrafitra an'i Madagasikara. Araka izany, izao no fanapahan-kevitray:


*Ny fivoriamben'ny orinasa sosialy Sahanala Vanille tany Ambanja.*

tsy ekenay, lavinay marindrano izay mety ho fiovan-kevitra ataon'ny fanjakana, ka tsy hitàna ny teny nataony, izany hoe: 75.000 Ar ny lavanila maintso.

Gaga sy talanjona izahay, raha toa ka miala amin'ny fanapahan-keviny ny fanjakana, satria tsy tokony hisy intsony ny fanovàna lalàna mandritra ny champagne anankiray, fa tokony ho marin-toerana ny fanapahan-kevitra eto Madagasikara, mba tsy hampisy ahiahy na fisalasalana ho an'ireo mpanjifa ny vokatra any ivelany.

***Aly***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Fitondrana Rajoelina

# Mitohy hatrany ny fanomezany môdely ratsy ho an'ny vahoaka

Manome môdely ratsy hatrany hoan'ny vahoaka ny olon'izao fitondrana Rajoelina izao. Vao tamin'ny herinandro no nisy olom-boafidy niteniteny foana ampahibemaso, dia ny talata teo indray no niharihary ankalamanjana ny tsy fifehezan-tena, na vava sy fihetsika ihany koa teny Amboditsiry. Sary ratsy hatrany no miseho na miezaka mafy manatsara ny sariny aza izao fitondrana izao, indrindra i Andry Rajoelina. Efa nahiana indray aza tamin'iny andro ny handisoany tantara, toy ny efa nitranga teo aloha, fa mba nahay nihodivitra ny tenany, asa efa nanarina mafy na nahay nitsara tena ihany.

Maro izay sary ratsy nasehon'izao fitondrana izao tato anatin'ny efatra taona mahery izay. Môdely ratsy hampanahy horaisin'ny zatovo sy tanora ambara ho antoky ny hoavin'ny firenena. Sary ratsy, ireny fihetsika manenjika mpianatra any anatin'ny Oniversite ireny, fa toy ny azo atao ny manitsakitsaka ny "franchise universitaire". Nefa tena tsy tokony hatao velively izany. Izany ve no anabeazana ny tanora malagasy ho tompon'ny ampitso eto amin'ity firenena ity. Maro ny sary ratsy aseho kanefa mampanahy raha toa raisin'ny taranaka ho mety. Hahapotika ny firenena izany. Iaraha-mahita sy mahalala tsara ny fanosihosen'ny fitondrana Rajoelina ny Lalampanorenana, ny fitsabahana amin'ny asan'ny fahefana mpitsara sy ny fahefana mpanao lalàna. Mbola resabe hatramin'izao ny zavatra nataon-dRajoelina tany Sava namoaka amponja ireo roalahy rehefa avy nofaiziny. Rajoelina Andry izany, sady mpanafay ny olona no mpanambitamby amin'ny famoahana azy any am-ponja avy eo. Fitondrana inona no sary asehon'izany, fa zary miàla amin'ny maha Repoblikana? Mazava loatra, fa lalana kitoatoa be no itondran'izao fitondrana izao ny firenena. Hany ka hatramin'ireo mpamatsy vola iraisam-pirenena avy no mitokona sy mila vaniny amin'ny fiaraha-miasa noho ny fahitany ny fomba fitantanana ny firenena. Ny manahirana, mbola mihevi-tena ho tsy misy toa azy ihany izao fitondrana izao, na dia efa fadiranovana mifafa ny kihony vokatr'izany aza ny sarambabem-bahoaka. Izany no lazaina ho fitondrana mahatsapa ny fahantram-bahoaka ventesin-dRajoelina etsy sy eroa.

***Sôh'son***

Faritany Antsiranana

# Bory Urluc no voafidy ho filohan' ny Jeune TIM

Nandritra ny fandalovan'ny filoha Marc Ravalomanana tany Sambava faritra Sava ny faran'ny herinandro teo, nanatanteraka fivoriana ihany koa tany an-toerana ny tanora sy ny vehivavy TIM any amin'ny Faritanin'Antsiranana. Nisy ny fifidianana izay ho mpitarika ny Jeune TIM amin'ny Faritany, izay ivondronan'ny faritra Diana sy Sava nandritra izany. Lany ho filoha tamin'ny fifidianana natao tamin'izany i Bory Urluc, nahazo vato 30/42. Ireo staff hiara-hiasa aminy:

- Filoha lefitra voalohany: Nico ( Antalaha ).
- Filoha lefitra faharoa: Laurencine ( Nosy-Be).
- Sekretera jeneraly: Thierry ( Diego 1 ).
- Coordo na mpandrindra : Marc ( Antalaha).
- Mpitambola: Dona ( Antalaha ).
- Serasera: Felistain ( Sambava).
- Mpanolotsaina: Sergion ( Andapa ), Germano (Antalaha), Arne (Sambava ). Coach National : Ramatoa Ginah (Antananarivo).

***Stefa***


*Ny filohan'ny Jeune TIM Faritany Antsiranana, Bory Urluc.*

## Ny Valosoa sy hadihady

### Aretina mikiky ny firenena

# Mila olon-kendry sy manampanahy ary traikefa ny fitsaboana azy

Mipetraka eto amin'ny Firenena hatramin'izao ny fanontaniana raha tena hisy tokoa ny fifidianana ho filoham-pirenena na tsia. Ny toe-draharaha iainan'ny olompirenena sy ny politisiana ary fiarahamonim-pirenena dia miteraka ahiahy, satria efa ho roa volana izao no nanondro daty ho amin'ny 9 Novambra 2023 ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI), ary efa nankatoavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) izany kanefa dia tsy mbola namoaka Didim-panjakana ho fampiharana izany ny Fahefana Mpanatanteraka. Toa manamarina ny filazana fa tsy ampy efa zato miliara ariary ny vola ho enti-manatanteraka izany kanefa tsy mbola misy manana finiavana handrotsaka vola ao amin'ilay « Basket Fond » ireo mpiara-miombon'antoka. Manampy trotraka ny fisalasalan'ny mpitondra ihany koa ny tsy fahatokisan'ny olompirenena rehetra ny rafitra roa misahana ny fifidianana dia ny CENI sy ny HCC izany an-daniny. An-kilany koa ny fahitan'ny rehetra, fa tsy tomombana ara-dalàna ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy ary tsy azo itokisana ihany koa ny "logiciel" ampiasain'ny CENI. Takian'ny mpanao politika ny fanavaozana ny Lalàm-pifidianana ary izay no anton'ny nandrosoan'ny Fivondronan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara (FFKM) ny hanaovana ny Fikaonandoham-pirenena (Concertation Nationale). Misy ny politisiana tsy mankasitraka ny hanaovana izany, satria hiteraka ny fametrahana tetezamita, ka hisy ny fiaraha-mitantana, fa aleo tonga dia miroso amin'ny fifidianana. Na izany na tsy izany dia tsy takona hafenina intsony ny krizy ara-politika sy ara-tsosialy ary ara-toetsaina aterak'ireo toe-draharaha ireo amin'izao fotoana izao. Raha raikitra tokoa ny Fikaonandoham-pirenena, ka hisy ny fehinkevitra hivoaka amin'izany dia mety mbola hipetraka ilay « tsy miady tsy miady, fa ny kibay an-kelika ihany » araka ny fotopisainan'ny gasy amin'ny ankapobeny. Ny tranga amin'izao fotoana izao mety hiteraka izany dia satria fito volana mialohan'ny daty noferana hanaovana ny fifidianana dia efa manao fampielezan-kevitra, na ankolaka na mivantana ny politisiana, ary lohalaharana amin'izany ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina, kanefa dia tsy mandray ny andraikiny ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Mahazo manao famoriam-bahoaka amin'izay toerana sy fotoana tiany ny mpomba ny fitondrana, kanefa sakanana tsy mahazo na dia mivezivezy ato amin'ny fireneny aza ny tsy ao anatin'ny fitondrana. Tsy misy mahafehy izay tokony ho tenenina izay rehetra mikabary imasombahoaka, fa mifampihantsy sy mifanenjika ary mampiseho fifankahalana izay rehetra afaka manao izany. Mizotra mankany amin'ny fahapotehana eo amin'ny lafiny rehetra ny Firenena, ka ahiana ny fifandonana eo amin'ny samy politisiana na ny fahatezeran'ny vahoaka amin'ny mpitondra, noho ny tsy fahafehezan'ireto farany izao fahantrana tsy roa aman-tany izao. Manaporofo ny mety hitrangan'izany ny fihantsiahan'ny filohan'ny Repoblika ireo mety ho kandidà hifaninana aminy, satria tsy manaiky resy mihitsy izy ary efa tompon-daka an-kilany hono. An-daniny kosa ny fanakianana mafy nataon'ny solombavambahoaka voafidy tany Toliara I ny filohan'ny Repoblika tany amin'ny Faritra Sava, izay nampangainy ho fototry ny olana iainan'ny tantsaha mpamokatra sy ny mpandraharaha eo amin' ny sehatry ny lavanila. Vao omaly ny omaly no nifandroaka teny amin'ny fitokanana ilay Mozea Rainilaiarivony ny minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina Lalatiana Andriantongarivo Rakotondrazafy sy ny depiote voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-5 Naivo Raholdina. Raha zohiana ny tantara dia lonilony efa nisy teo amin'ireto samy IRD ireto ity tranga ity, satria heverina fa anisan'ireo nolazain'ity depiote ity ho tokony ho nesorina ny minisitra ny serasera. Araka izany dia ny ady anatin'ny samy mpitondra no mety hiteraka fifandonana eo amin'ny samy mpomba azy. Diso fanantenana amin'izao mpitondra izao ny vahoaka noho ireo velirano nataon'ny filoha tsy tanteraka, sady tsy mitondra vahaolana matipaika ho entiny miatrika ny fahantrana sy fihinanana ny tsy fihinana iainana amin'izao fotoana izao dia mety hampitraotra ny vahoaka. Raha mbola hisy ny halabato sy ny fanodinkodinana ny safidy amin'ny fifidianana dia azo antoka fa hisy fipoahana ara-tsosialy tsy mbola nisy toy izany eto amin'ity Firenena ity. Mila olon-kendry sy manampanahy ary manana traikefa sy paikady matotra eo amin'ny fitsaboana ny aretina mikiky azy ny Firenena. Mety ho vahaolana ny fifidianana raha tsy hiteraka krizy noho ny antony maro samy hafa, ka mila mandray andraikitra tandrify azy ny tena tia tanindrazana rehetra, noho ny fitsinjovany ny ho avin'ny taranaka ho lavitry ny fahantrana.

***Andry Tsiavalona***

Printsy Andry Rodrigue

# Tsy mampandroso ny tsy fanarahan-dalàna



**Ny Printsy Andry Rodrigue, « Mandrindra ny fiarahamonina ny fanarahan-dalàna ».**

*Nivoaka tamin'ny fahanginany ny Olon-kendry itoeran'ny fahalalana ny Printsy Andry Rodrigue, rehefa avy nandalina sy namakafaka lalina ny lasa ary niomana ho amin'ny fibanjinana ny hoavy.*

Tsy nisalasala izy nanambara, fa anisan'ny antony lehibe miteraka izao fahantrana lalina sy mangitsokitsoka mahazo antsika Malagasy izao ny tsy fanarahan-dalàna. Tsy ny Vahoaka ihany no ahitana io tranga tsy fanajana ny lalàna io, hoy ny Printsy Andry Rodrigue, fa eo indrindra koa ireo « Mpitondra fanjakana ». Manjaka, araka izany, ny gaboraraka, ka samy manao izay saim-pantany sy maha diavolana ny saina amam-panahiny ny rehetra, na hita izao aza fa mety hiteraka fahavoazana lalina ho an'ny hafa izany. Vokany, tsy misy firindrana ny asa fampandrosoana kasaina hatao, noho ny tsy fisian'ny fandriampahalemana, koa tsy mahagaga raha milomano lava anatin'ny fahantrana Ramalagasy. Tsy misy intsony ny fifanampiana, mila ho tsy tazana intsony ihany koa ny fihavanana, fa manjaka loatra ny fitiavan-tena sy voninahitra ary fahefana. Tanteraka tokoa ilay hoe : « Samy mandeha, samy mitady… », nefa mety samy handady ihany koa ny hiafarantsika mianakavy raha mitohy ny tsy fanarahan-dalàna tahaka ny misy ankehitriny.
Nomarihan'ny Printsy Andry Rodrigue, fa anisan'ny nampirindra sy nampilamina ny fiarahamonina malagasy tamin'ny andron'ny faha Mpanjaka ny fanajana ny lalàna manan-kery (Heloka 12) tamin'ny andro nanjakan'ny Mpanjaka Andrianampoinimerina. Tsy misy afa maina izay rehetra nandika ny didy aman-dalàna navoakan'ny Mpanjaka tamin'izany, hoy hatrany ny Printsy Andry Rodrigue, koa tsy nahagaga raha nirindra sy nilamina tamin'ny ankapobeny ny fiainam-piaraha-monina ary goavana ireo asa fampandrosoana vita. Nandry fahalemana ihany koa ny fanjakana.
Nomarihany fa mila mifaka amin'ny soatoavina, fomban-drazana isam-paritra ny famolavolana ireo lalàna. Maro amin'ireo didy aman-dalàna eto Madagasikara ampaisaina ankehitriny tokoa mantsy no efa mila fanavaozana noho izy ireny efa nilaozan'ny toetrandro, sy tsy mifanaraka akory amin'ny kolontsaina malagasy sy ny fomban-drazana malagasy. Nitondrany fanamarihana manokana ny momba ny lalam-panorenana izay voahitsakitsak'ireo mpanao politika matetika, ka miteraka krizy miverimberina eto amin'ny firenena izany. Ny lalam-panorenana malagasy izay tokony hifanaraka tanteraka amin'ny kolontsaina sy ny soatoavina ary ny fomban-drazana malagasy, mba tsy ho sahirana ny rehetra ho amin'ny fanajana sy fanomezan-kasina izany lalàna fototra izany. Raha voahaja ny lalampanorenana, ho lavitry ny krizy politika miverimberina tsy mitera-bokatsoa i Gasikara nosy malalantsika ary azo antoka ny fampandrosoana dia hiadana sy ho finaritra tokoa ny Ambanilanitra.

***Lalasoa Razafindrakoto***

FIAFARAN'NY VOLAN'NY RAMADANY

# Niarahaba ny mpino silamo tratry ny Eid ny filoha Ravalomanana

Nifarana ny zoma 21 sy ny sabotsy 22 aprily teo, ny volan'ny Ramadany, volan'ny fifehezana ho an'ny mpino silamo manerana izao tontolo izao, anisan'izany ny teto Madagasikara. Noho izay antony izay, niarahaba ny mpino silamo malagasy ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny rodoben' ny mpanohitra RMDM, sady filoha nasionalin'ny antoko TIM, tratry ny Eid El Fitr. Nambarany fa : "Eïd Mubarak, ampifaliana tanteraka no iarahabana ny Mpino Silamo rehetra manerana an' i Madagasikara sy izao tontolo izao, nahavita ny fifehezana nandritra iny volana Ramadany iny. Mirary soa anareo ny Tenako," hoy izy.

***Niaina***




*Ny filoha Marc Ravalomanana.*

## TONONKALO

### Adin'ny veta sy ny vazimba

Ireny ve no hoe voafidy, ireny ve no notendrena?
Miaiky tongotra aman-tanana ny olo-manam-pahendrena!
Tsy ny mpiady an-kavoriana toy ireny no ilaina.
O ry veta o! ry vazimba! mba meteza ho tonga saina !


Any an-takona sasana irony lamba feno loto.
Aza imasonay vahoaka no atao ny loham-boto.
Any an-takona no esory ireo karazana tsikoko,
Fa dia tena afa-baraka ianareo "mitovy loko" !

Ireny ve no mba minisitra, ireny ve no solombava?
Tsy mba ny olona milamina fa ny tena mpiady lava!
Izao no sarin'ny mpitondra efa tena miady an-trano.
Tena tsy arira intsony na koa hoe anganongano!

Ianao ry veta mba mahaiza mampivondrona ny hery,
F'aza tia maningantsingana sy manandra-tena irery.
Ary ianao koa ry vazimba aza maika ny hisafoaka.
Tsy olon-tsotra anie ianao fa solombavan'ny vahoaka!

***TSIMIMALO (19-04-23)***


**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Ando R.**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fitsidihan'ny filoha Marc Ravalomanana ny tany Sambava faritra Sava ny sabotsy teo. Tontosa soa amantsara ny hetsika, na nisy aza ny antsojay nataon'ny mpitandro filaminana.**

















## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany."*

***Jaona 1:12***

EKIPAN'NY ASSM LOMANO

# Nahazo vokatra tsara tany Toamasina

Azo ambara fa nahazo vokatra tsara ireo mpilomanon'ny ekipan'ny “Association Sportive Saint Michel Club Natation” tamin'ny fiatrehana ny “championnat de Madagascar 2023 bassin de 50m”, lomano, notontosaina tany Toamasinsa tamin'ny alarobia 12 ka hatramin'ny sabotsy 15 aprily 2023 lasa teo. Ireo vokatra azon'izy ireo tamin'izany : Classement Open Hommes : N°1 Ramiakatrarivo Ando Francky, N°3 Randrianarisoa Daniel. Ny «Record » tamin'ny « Courses relais » dia 10 tamin'ireo 17 natao no nahazoan'ny ekipan'ny Assm Cn toerana voalohany ka nisy « records de Madagascar » tamin'izany teo amin'ny « 4x50QN Mixte » montsan'i Francky, Daniel, Angie ary Marie-Ange tamin'ny 01.59 41 raha 02.02.17 teo aloha. Ny « 4x50NL Mixte » dia montsan'i Francky, Daniel, Anais ary Angie tamin'ny 01.47.74 raha 01.50.23 ny teo aloha. Ny « meilleures performances » na vokatra tsara indrindra isantsokajiny : Ranaivosoa Iray tamin'ny 50dos Homme 10-11ans nahavita 00.38.23 raha 00.38.25 ny an'i Rasolonjatovo Herinaivo Mickael tamin'ny 09/06/09 Andrianaho Marie-Ange Praxas tamin'ny 200NL 12-13ans nahavita 02.23.81 raha 02.25.75 ny teo aloha izay azy ihany ary vitany tamin'ny 19/04/22 Andrianaho Marie-Ange Praxas ihany tamin'ny 400NL 12-13ans 05.09.19 raha 05.09.51 no nanao an'i Rabarijaona Tiana Henintsoa Murielle azy tamin'ny 19/11/11 3 no record de Madagascar vitan'ny Assmcn tamin'ity taona 2023 ity hatreto, ireo 2 voalaza eo ambony ary ny tamin'ny Vive l'avenir 11eme izay 4x50NL hommes izay nataon'i Francky, Daniel, Jonathan ary Mamitiana. Voatanan'ny ASSM CN ny maha laharana voalohany ny fileovana azy amin'izao taompikatrohana izao raha ireo vokatra ireo.



*Assm lomano, tany Toamasina.*

***Rainilita***

Eric Bruno Said filohan'ny FMJ

# Azo antoka ny fahazahoam-bola avy amin'ny Japonais

Azo antoka ny fahazahoam-bola fanampiana avy amin'ny fanjakana Japonais, hoy ny filohan'ny Federasiona Malagasin'ny taranja Judo, Eric Saïd Bruno, teny Ankorondrano nandritra ny fanatanterahana ny “Championnat de Madagacar 2023 de Judo” natao tamin'ny 14, 15, 16 aprily 2023 lasa teo, hoentina hivididanana fitaovana toy ny “musculation professionelle” sy Tatami hatao ao amin'ny Dojo National, iszay hatao ao amin'ny faritry ny kianja ao Mahamasina, satria efa “Débloqué” sy efa vita soamantsara ny “Transaction” hahazoana an'izany vola izany, hoy izy, ka ho tonga afaka telo volana ireo fitaovana ho vidiana ireo raha ela indrindra. Olana kely anefa, hoy ity filohan'ny FMJ ity, ary mampitaintaina fatratra anay mpitantana eo anivon'ny federasiona ny hasiana an'ireo fitaovana ireo, satria ilay fananganana ny Dojo National mbola tsisy resaka hatreto, ka mety hitady toeran-kafa hasiana azy ireo izahay nefa ho sarotsarotra ihany ny hiova hevitra ao anatin'izay telo volana izay monja hoe : hafindra aiza indray ilay “Dojo National ?”.



*Eric Bruno Said filohan'ny FMJ.*

***Rainilita***

Volley Ball « Jeunes » sy « 2DF » ary « 2DM »

# Ireo vokatra ofisialy azo tany Antsirabe

Navoakan'ny FMVB « Fédération Malagasy de Volley Ball », tamin'ity herinandro ity ireo vokatra ofisialy azo tamin'ny fifaninanana volley-ball «Coupe de Madagascar Jeunes 2023”, sy ny “Championnat de Madagascar 2DF sy 2DM, 2023”, notontosaina tany Antsirabe , tao amin'ny kianja “Gymnase Couvert de l'Acm Antsirabe” sy tany amin'ny kianja Ensoa Antsirabe hatrany. -U14F * 3ème PLACE : GNVB2 (2) vs ASCA1 (1) *FINALE : GNVB 1 (2) vs MVBC (0) -U16F * 3ème PLACE : EVBI (2) vs EVBFi (1) * FINALE : GNVB (2) vs ASI (0) * 3ème PLACE : STEFF'AUTO (3) vs EVBA (0) * FINALE : BI'AS (3) vs GNVB (1) - U20F * 3ème PLACE : STEFF'AUTO (3) vs EVBA (0) * FINALE : BI'AS (3) vs GNVB (1) - U20G * 3ème PLACE : EVRA (3) vs GSVBC (0) * FINALE : ASI (3) vs MVBC (0) -2DM * 3ème PLACE : SDV (3) vs AVBC (1) * FINALE : PÔLE GNVB (3) vs NADJ (2) -2DF * FINALE : SQUAD (3) vs AVBA (2).



*Mpilalao Volley- ball Jeunes sy 2D lahy sy vavy tany Antsirabe*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy korzety indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao rondrony izany, na atao ridritra ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba fanalana fery amin'ny molotra na ny ativava

Fomba fanalana fery amin'ny molotra na ny ativava, na amin'ny akanjonify (aphtes) indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

Ireo no antony mety mahatonga azy:

- Tsy fahampiana vitamina ( toy ny vitamine B12, acide folique, zinc, vitamine C).
- Ny rarintsaina na stress.
- Ny fihinanana sakafo matetika toy ny mofo, mofomamy, biscuit, paty, sns... Ireo no mety mahatonga ny vitamina tsy ho ampy
- Ny olana amin'ny fandevonan-kanina, aretim-bavony, aretin'ny aty koa dia mety mahatonga ny fery amin'ny molotra, na ny ativava.



Tsy mifindra ny aphtes.

Zavatra tokony hatao:

- Mihinana vitamina B complexe, vitamine C, acide folique
- Ajanona ny fihinanana biscuits, mofomamy, mofo ao anatin'ny fotoana lavalava.
- Mihinana sakafo ara-pahasalamana : misy legioma, voankazo,…
- Afaka manontsana vava amin'ny rano asiana bicarbonate de soude.
- Afaka asiana tantely sy voasarimakirana kely koa.
- Afaka manontsana vava amin'ny rano asiana vinaigre de cidre
- Mihinana yaourt matetika.
-Tandrovina koa ny fahadiovan'ny molotra, sy ny ativava ary ny akanjonify.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Fotsialanana distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Fotsialanana, distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Fotsialanana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 8 mandrafitra ny distrikan'i Soanierana Ivongo. Any afovoany atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy, mbola tsy dia avo toerana izy, satria 51 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny kafe, ny lavanila. Ny haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, ny vomanga, ny katsaka.



TIM FIANARANTSOA

# Fokontany maromaro no nahatafatsanganana Foko-TIM

Fokontany maromaro any Fianarantsoa faritra Matsiatra Ambony, no nahatafatsanganana Foko-TIM ny faran' ny herinandro teo: ny sabotsy sy ny alahady teo. Nitarika ny fanatanterahana izany ny avy amin' ny Dis-TIM Fianarantsoa, tarihan'i Dr Elysé Zanabahoaka. Araka ny fanambarana nataon'ny Dis-TIM any an-toerana:" tontosa ny sabotsy sy alahady teo ny fananganana sy famangiana ireo FOKO-TIM tao anatin'ny firaisam-pokontany maromaro teto Fianarantsoa. Izay niarahana tamin'i Dr Elysé Zanabahoaka. Nisy ny fampiofanana ireo mpikambana. " Nohamafisina nandritra izany koa ny fanentanana ny olona hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana, satria mbola misy ny fotoana, ka hanatona ny fokontany misy azy avy izy ireo, ho an'ireo mbola tsy nanatanteraka izany fisoratana anarana tamin'ny lisi-pifidianana izany.

**Isambilo**



*Fananganana sy famangiana ireo Foko-TIM tany Fianarantsoa, notarihan'i Dr Elysé Zanabahoaka (ankavia).*

"Christian K"

# Hiditra amin'ny sehatra matihanina

Ranaivoarison Heriniaina Christian, fantatra amin'ilay solonanarana hoe : "Christian K" eo amin'ny tontolon'ny hira sy ny mozika, raha toa ka ny fampiarahampeo tamin'ireo mpanakanto hatrany no nahitan'ny mpankafy an'ity tovolahy kely taninketsan'ny kanto ankira ity hatramin'izay. Hiroso miandalana ho amin'ny sehatra maha matihanina azy i Christian K. Dingana ho amin'izany ny efa nanajariany ny sanganasany "Ankizy milalao". An-dalana ho amin'ny fianarana fitendrena zavamaneno sy fandalinana ifotony ny lafiny fihirana ihany koa i Christian K ankehitriny. Manana mpitendry sy mpandihy azy manokana ihany koa izy. Raha tsiahivina, mampiavaka an'i Christian K ilay feo voalohany hahenoana angola mandona fo avy hatrany. Milalao ny gadona rehetra (milamina sy mihetsika) i Ranaivoarison Heriniaina Christian. Misokatra amin'ny sehatra rehetra ny fiaraha-miasa aminy, fa tsy ny seho evenjelika fotsiny ihany. Manan-talenta amin'ny fanentanana eny an-tsehatra i Christian K. Anisan'ireo faritra efa nanjifa ny taokantony ny tany Alaotra, Ambositra, Ilakaka, Tsiroanomandidy, sns...




*Christian K, misakaiza akaiky amin'ny mozika sy ny hira.*

Ny tolakandron'ny Alahady 07 may ho avy izao, etsy amin'ny Le Pave Antaninarenina no hiantsehatra ary ho vahinin'i Ayam, mpanakanto efa manana ny lazany i Christian K. Hisy ny fampiaraham-peo eo amin'ny roa tonta mandritra ny fampisehoana. Azo antenaina, araka izany, fa hanana ny hoaviny mamiratra i Ranaivoson Heriniana Christian, eo amin'ny sehatry ny hira sy ny mozika. Izy izay mankafy ihany koa ny taranja baolina kitra.

**Lalasoa Razafindrakoto**

Tsy fandriampahalemana mahazo vahana

# Misy « couvre feu » ao Ambohimanambola Avaradrano



*Ambohimanambola amin'ny alina.*

Noho ny tsy fandriampahalemana mahazo vahana amin'izao fotoana ao amin'ny distrikan'Antananarivo Avaradrano, indrindra ny ao amin'ny kaominina Alasora, sy ao amin'ny kaominina Ambohimanambola, nanao fanambarana ny ao amin'ny fiadidiana ny tanànan'Ambohimanambola fa nanomboka omaly, misy ny tsy fahazoana mivezivezy amin'ny alina, na « couvre feu » ao amin'ity kaominina ity. Tsy azo atao ny mivezivezy ao anatin'ny kaominina Ambohimanambola manomboka amin'ny 9 ora alina, ka hatramin'ny 3 ora maraina. Ireo izay tsy maintsy mivoaka amin'ny alina noho ny antony manokana dia tsy maintsy mitondra karapanondro avokoa. Raha mpiasa tsy maintsy miasa amin'ny alina dia tsy maintsy mitondra ny karatra maha-mpiasa azy ao amin'ny orinasa izay iasany. Ny Bar sy ny Karaoke dia mihidy amin'ny 9 ora alina avokoa ary ny lanonana rehetra ihany koa dia foana tsy azo atao. Manan-kery mandritra ny fotoana tsy voafetra izany didy izany.

**Niaina**

Tranombarotra Baolai

# Mitsinjo ny besinimaro hatrany

Rehefa manakaikY toy izao ny volana mey, dia maro ireo izay te hanavao ny ao an - tokantrano ao. Hanampy ny daholobe amin' izany, ny Tranombarotra « Baolai » etsy Analakely, Soarano ary ao Bazar - be Toamasina. Izay vao nahatonga entana lohalaharana amin' ny kalitao, amin' ny vidiny mirary hatrany. Ao ny climatiseur maro samihafa, réfrigérateur ( izay mitazona ny hatsiaka 135 ora ao aorian'ny delestazy), Laser Tv 100 pouces, Smartphone, mini- radio baffle bluetooth solaire, machine à laver double barre, table de mixage, synthétiseur, four à gaz sy elektrika, panneaux solaires mono sy polychristalline, four micro - onde, « Ho fintsonjovana ny rehetra, dia mbola mitohy ilay fihenambidy amin'ireo fahitalavitra fisaka sasantsasany ato aminay (misy antoka 1 taona daholo). Hoan' ireo izay manjifa 32 pouces « Hisense » iray, izay 529.999 Ariary ny vidiny, dia hahazo fer à repasser iray. Ary hoan' ny televizionina 32 pouces «Jeyoo » dia manomboka 350.000 Ariary ny vidiny. Ary hisokatra manokana ny magazay anay rehetra ny 01 mey 2023 hoavy izao. Ny antsiprian'izany rehetra izany, dia ho azo amin' ny pejy fb sy « site web »: baolai ary ao amin'ny laharana 020 22 308 48 - 033 37 188 88 ( amin'ny ora fiasana) », hoy ny tompon' andraikitra. Ny tolotra miavaka toy izao hataon' ny Tranombarotra « Baolai » izao, dia manamora ny andavanandron' ny besinimaro tokoa.




*Karazan'entana samy hafa hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

**Aly**

Championnat de Madagascar Beach Volley

# Tompondaka i Marina / Lydia ary Kem's / Hasina

Nifarana tany amin'ny tora-pasik'i Toamasina faritra Atsinanana ampitan'ny Auximad, tamin'ny alahady 23 aprily 2023, ny fifaninanana Beach-Volley niadiana ny ho tompon-dakan'i Madagasikara 2023, ka niadian-dry Willot / Mamy vs Kem"s / Hasina, ny lalao famaranana teo amin'ny sokajy lehilahy ary Julienne/Francia vs Lydia/Marina teo amin'ny sokajy vehivavy. Vokatra azo : -« Equipes championnes » * Dames : Marina / Lydia * Hommes : Kem's / Hasina « Equipes vice_championnes » * Dames : Julienne / Francia * Hommes : Willot / Mami -« Troisième_place » * Dames : Samaha / Mégane * Hommes : Tahiana / Marinot.

**Rainilita**



*Equipes Championnes 2023.*

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety izao manaraka izao momba ny sehatry ny fahasalamana eto amintsika.

Miarahaba tompoko.
SPSM (Solidarité des Personnels de Santé de Madagascar). Natsangana sy niorina noho ireto antony ireto: 1. Fitazonana ny toeran'ireto olona ireto ny toerany : Ministre de la Santé Publique (Prof Zely) sy Dir-Cab Ministère de la Santé Publique (Dr Gabbhy). Tsy tsapan'ny mpisitraka ny fiahian'ny fanjakana raha resaka fahasalamana. Reharehan'ny Ministère ny fahabetsahan'ny mpisitraka tamin'ireny caravane ireny. Tsapan'izy ireny ve fa misy sakana (barrière) no mahatonga ny vahoaka hiandry caravane ? Fitsaboana tsy ampy (fatra sy faharetany) no azo. Tsy azo atao werawera ve ny tsy fanjarian-tsakafo any atsimo, ny tazo moka any Anosibe An'Ala, sns?... Aman-taonina ny plumpynut lany daty, ny any.atsimo sahirana! 2. Fampandaniana ny filoha amperin'asa koa ny kinendrin'ity SPSM ity, fa tsy ny tena fanatsarana ny tolotra ara-pahasalamana omen'ny fitondrana mihitsy.

**Hery A.**
**Mpiasan'ny fahasalamana, Antananarivo.**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**15/04/2023 hatramin'ny 22/04/2023**

- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1427-04-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TSINGIN'I BEMARAHA

# Misokatra ny lalana Belo Tsiribihina- Bekopaka

Noho ny fanamboaran-dalana nataon'ireo mpisera-dia, sy ireo mpandraharaha momba ny fizahantany any an-toerana, sy ny fokonolona ary ny solontenam-panjakana,… misokatra amin'izao fotoana ny lalana mihazo ny Tsingin'i Bemaraha, toerana izay anisan'ny mahasarika mpizahatany ihany koa eto amintsika. Araka ny fanambarana nataon'ireo mpiseradia, sy ireo mpandraharaha amin'izany faritra izany: " taorian'ny asa fanamboaran-dalana izay nataonay dia mampandre antsika namana mpiara-miasa rehetra ny izahay, fa efa vaky ny lalana Belo sur Tsiribihina- Bekopaka. Porofon'izany ny fahatongavan'ny fiara nitondra clients mpizahatany, hitsidika ny Tsingin'i Bemaraha, efa nanomboka ny 17 sy ny 18 aprily lasa teo. Koa amin'izao fisokafan'ny lalana voalohany izao dia entaninay hatrany ny rehetra, mba hampiasa ny fiara matanjaka toy ny Nissan, Toyota Land Cruiser, Galloper, Prado, sns... aloha, fa ny sasany iva toy ny Terracan, sns… kosa dia mino izahay fa efa tsy ho ela akory dia hisokatra ho azy ny lalana. Ialanay tsiny eto ny fahataran'ny fahavitan'ny asa fa manao zavatra tsy mora tompoko. Koa mankasitraka antsika rehetra izay nanampy sy nandray an-tanana tamin'izao fahombiazana izao."

***Stefa***



*Fiarakodia hihazo ny Tsingin'i Bemaraha.*

Fanarenana ny firenena

# Vahaolana mahomby ny fanomezan-kasina ny vahoaka hoy ny AFK

Tokony hatsahatra hatreo ny fiheverana mandrakariva, fa tsy misy afa-tsy ny avy any ivelany ihany no hany afaka hanàla an'i Madagasikara ao anatin'izao lavaka mangitsokitsoka misy azy izao. Ny hadisoam-piheverana, fa ny mpampiasa na ny mpamatsy vola vahiny no afaka hanavotra ny toekarena malagasy. Tsia, tsy maty an-kazo tokana akory ny fanarenam-pirenena, fa mbola misy lalana hafa azo ianteherana tsara ary azo itokisana tanteraka. Ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), dia manana izany lalana izany ary manolo-kevitra ho an'ny firenena, indrindra ny olom-pirenena izay manam-piniavana marina hanarina ity firenena ity sy ny hahasoa azy. Nambaran'ny filohan'ny AFK, fa tsy misy afa-tsy ny fanomezan-danja sy hasina ny olom-pirenena, ny mponina eto amin'ity Nosy ity no vahaolana lehibe hanarenana ny firenena. Ireo no harena lehibe voalohany indrindra, ary izy no môtera ahafahana manodina ny toekarem-pirenena. Avy aminy ihany koa dia hahafahana mahazo famatsiambola (I.D.A), fa tsy andrasana ny any ivelany ( I.D.E.). "Toy ny ekipazy miaraka amin'ny sambony irery mihitsoka eny afovoan-dranomasina eny i Madagasikara, tsy misy fomba ahafahana mifandray amin'ny hafa, fa maty avokoa ny milina sy ny fitaovana ho amin'izany. Tsy misy afa-tsy ireo ekipaziny ihany no hany afaka mamelona ny môteran'ny sambony, sy ny fomba ialan'ny sambony amin'izany toerana izany, ka izorany mankany amin'ny fiantsonana na tan-




jona kasainy hotratrarina", raha ny nambaran'ny filohan'ny AFK, Andriamparany Ricky, tao anaty famelabelarana nataony teny Antaninarenina nandritry ny loabariandasy, na varavarana misokatra andiany faharoa nokarakarainy. Niompana tamin'ny fanovana lasijika amin'ny fanabeazana ny dinik'asa natao ary nisy ny fikaonan-doha an-databatra boribory nandraisan'ireo sehatra hafa nandray anjara izay mifandraika amin'ny fanabeazana. Mbola hitohy ny ezaka ataony. Zava-dehibe mantsy ny miandry ity Vovonana ity, dia ny hanatanteraka ny Vinan'Andriamanitra ho an'ity Nosy ity. Misy araka izany ny fanantenana ho an'ity firenena ity, saingy miankina tanteraka amin'ny faharesen-dahatry ny olom-pirenena sy ny fijoroany ary ny fiaraha-mientany ho amin'izany. Tsiahivina, ny AFK dia tsy fiangonana no sady tsy manao politika. Fifandraisana: 034 17 460 53.

***Aris***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 431**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0430)

***Mitsivalana***
- Ilaozana
- Mando – OM
- Dimy
- Ror(a) – Anio
- Basy (miv) – Ora
- Nanome
- AA – Lma

***Mitsangana***
- Imerina
- La – Osa
- Andrana
- Ody – BOA
- Zoma
- Leony (miv)
- No – Ia
- Amboara

## TENY MIFANAPAKA N° 431




**Mitsivalana**

**1.** Manao sangisangy **2.** Taranaka mamboly (miv) – Fanafohezana ny minitra **3.** Maneho ny fiangonana **4.** Hazo maro – Ohatra – Ranom-bava **5.** Atao amin'ny fomba mora **6.** Tiany, iriny **7.** Tampisaka – Alon-dranomasina **8.** Marika – Ao amin'ny fery **9.** Karatra matanjaka – Ankizy kely taona – Naoty **10.** Tovano – Volana

**Mitsangana**

**A.** Miahiahy, kanosa **B.** Biby (miv) – Reraka, tsy ampy hery **D.** Nalahatra tsara, tsy mikorontana **E.** Lavitra – Harena (BL) – Zandarimaria **F.** Nanaovanay antsoantso tsy fankatoavana **G.** Mpisolo tena – Voaray, tra-tehaka **H.** Fanontaniana **I.** Mahazo tampoka tsy ampoizina **J.** Nivadika zavatra hafa – Fototongotra **K.** Fanitarana – Zava-maniry masiaka

### Valiny Teny mifanaraka 0430

**Mitsivalana**

**1.** Hasasarana **2.** Ivy - O.I **3.** Tononkalo **4.** Sotro - Piso **5.** Arovy **6.** Reny - (V)al(o) **7.** Alika (miv) - Atao (miv) **8.** Nenina - Tao **9.** Fitiavana (miv) **10.** Aia ? - Divay

**Mitsangana**

**A** Hatsarana **B.** OO - Ekena **D.** Sintoninay **E.** Rova (miv) - Avily (miv) **F.** Sinoa - Ana **G.** Ra - Dia (miv) **H.** Roapolo - Ti **I.** Vilia (miv) - Vita (miv) **J.** Osy - Tafa **K.** AG - Hao

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny filoha Marc Ravalomanana nijery ny lisi-pifidianana tao amin'ny biraon'ny fokontany iray tany Sambava ny sabotsy teo.**





**Feno hipoka ny tao anatiny sy ny tany ivelany, tamin'ny fihaonan'ny filoha Marc Ravalomanana tamin'ny vahoakan'i Sambava, tao amin'ny Cercle Chinois tany an-toerana.**









**Feno ihany koa ny trano, nandritra ny fihaonan'ny filoha Marc Ravalomanana tamin'ny tany Antalaha, na tampotampoka aza no nahatongavany tany.**

